

Le nom par lequel vous êtes appelés

Par B. Corey Cuvelier
des soixante-dix

Ny anarana izay iantsoana anareo

Nataon'ny Loholona B. Corey Cuvelier
Ao amin'ny Fitopololahy

Conférence générale d'octobre 2025

Que signifie être appelé par le nom du Christ ?

Le président Nelson a enseigné que si le Seigneur nous parlait directement, la première chose qu'il s'assurerait que nous comprenions est notre véritable identité : nous sommes enfants de Dieu, enfants de l'alliance et disciples de Jésus-Christ. Tout autre identifiant finira par nous décevoir.

J'en ai moi-même fait l'expérience quand mon fils aîné a reçu son premier téléphone portable. Avec beaucoup d'enthousiasme, il a commencé à enregistrer dans ses contacts le nom des membres de sa famille et de ses amis. Un jour, j'ai remarqué que sa mère l'appelait. Sur l'écran s'affichait le nom « Mère ». C'était un choix sensé et distingué et, je l'admets, un signe de respect envers celle qui est le meilleur parent chez nous. Naturellement, cela a éveillé ma curiosité. Quel nom m'avait-il donné ?

J'ai fait défiler ses contacts, supposant que si Wendi était « Mère », je devais être « Père ». Je n'ai pas trouvé. J'ai cherché « Papa ». Toujours rien. Ma curiosité s'est transformée en légère inquiétude. M'appelait-il « Corey » ? Non. En désespoir de cause, je me suis dit : « Nous sommes des joueurs de foot, peut-être qu'il m'a appelé 'Pelé.' » Mais je rêvais sans doute un peu. Finalement, j'ai appelé son numéro et deux mots sont apparus sur son écran : « Pas Mère » !

Frères et sœurs, par quel nom êtes-vous appelés ?

Midika inona ny hoe antsoina amin'ny anaran'i Kristy?

Nampianatra ny Filoha Russell M. Nelson fa raha toa ka niresaka mivantana tamintsika ny Tompo dia ny zavatra voalohany hataony izay ho azontsika dia ny hahatakarantsika hoe iza marina moa isika: zanak' Andriamanitra isika, zanaky ny fanekempihavanana ary mpanara-dia an'i Jesoa Kristy. Ny fiantsoana hafa ankoatr'izany dia hantso fanantenana antsika amin'ny farany.

Nianatra izany manokana aho rehefa nahazo ny findainy voalohany ny zanako lahimatoa. Tamim-pientanentanana lehibe no nanombohany nampiditra ny anaran'ny fianakaviany sy ny an'ireo namany tao amin'ny lisitry ny olona mpifandray aminy. Indray andro dia tsikaritro fa niantso ny reniny. Niseho teo amin'ny efijery ny anarana hoe «Neny». Safidy hendry sy mendrika izany—ary, miaiky aho fa mariky ny fanajana ho an'ilay ray na reny tsara kokoa ao an-tokantranonay izany. Mazava ho azy fa lasa te hahafantatra aho hoe: Inona no anarana nomeny ahy?

Nojereko ny lisitry ny olona mpifandray aminy, sady nihevitra fa raha toa ka «Neny» i Wendi, dia tsy maintsy ho «Ray» aho. Tsy nisy tao. Notadiaviko ny hoe «Dada». Mbola tsy nisy ihany. Nivadika ho fanahiana malefaka ny fahalianako. «-Corey- ve no iantsoany ahy?» Tsia. Tao anatin'ny ezaka farany nataoko, dia nieritreritra aho hoe: «Mpilalao baolina kitra izahay—i -Pelé- angamba no iantsoany ahy.» Faniriana an'ieritreritra fotsiny ihany izany. Farany dia izaho mihitsy no niantso ny laharany, ary nisy teny roa nipoitra teo amin'ny efijery: «Tsy i Neny»!

Ry rahalahy sy ranabavy, inona no anarana fiantso anareo?

Jésus a appelé ceux qui le suivaient par de nombreux noms : disciples. Fils et filles. Enfants des prophètes. Brebis. Amis. Lumière du monde. Saints. Chacun d'eux a une signification éternelle et souligne une relation personnelle avec le Sauveur.

Mais parmi ces noms, il en est un qui s'élève au-dessus des autres, le nom du Christ. Dans le Livre de Mormon, le roi Benjamin a enseigné avec puissance :

« Il n'y a aucun autre nom donné par lequel le salut vienne ; c'est pourquoi, je voudrais que vous preniez sur vous le nom du Christ. [...] »

« Et il arrivera que quiconque fait cela se trouvera à la droite de Dieu, car il connaîtra le nom par lequel il est appelé ; car il sera appelé par le nom du Christ. »

Les personnes qui prennent sur elles le nom du Christ deviennent ses disciples et ses témoins. Dans le livre des Actes, nous lisons qu'après la résurrection de Jésus-Christ, des témoins choisis ont reçu le commandement de témoigner que quiconque croyait en Jésus, était baptisé et recevait le Saint-Esprit recevrait la rémission de ses péchés. Ceux qui recevaient ces ordonnances sacrées se joignaient à l'Église, devenaient des disciples et étaient appelés chrétiens. Le Livre de Mormon décrit aussi les personnes qui croient au Christ comme étant des chrétiens et le peuple de l'alliance comme étant « les enfants du Christ, ses fils et ses filles ».

Que signifie être appelé par le nom du Christ ? Cela signifie contracter et respecter des alliances, se souvenir toujours de lui, respecter ses commandements et être « disposés à [...] être les témoins de Dieu en tout temps et en toutes choses ». Cela signifie se tenir aux côtés des prophètes et des apôtres lorsqu'ils portent le message du Christ avec sa doctrine, ses alliances et ses ordonnances, dans le monde entier. Cela signifie aussi servir autrui pour soulager la souffrance, être une lumière et apporter à tous l'espérance en Christ. Bien sûr, c'est une quête qui dure toute la vie. Le prophète Joseph Smith a enseigné : « C'est un état auquel aucun homme n'est jamais arrivé en un instant. »

I Jesoa dia niantso ireo mpanara-dia Azy tamin'ny anarana maro: Mpianatra.Zanakalahy sy zanakavavy.Zanaky ny mpaminany.Ondry.Sakaisa.Ny fahazavan'izao tontolo izao.Olomasina. Ny tsirairay dia manana ny lanjany mandrakizay ary manamafy ny fifandraisan'ny tena manokana amin'ny Mpamonjy.

Saingy amin'ireo anarana ireo dia misy anankiray manan-danja mihoatra noho ny hafa rehetra, dia ny anaran'i Kristy izany. Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, i Benjamina Mpanjaka dia nampianatra tamin-kery hoe:

“Tsy misy anarana hafa nomena izay hiavian'ny famonjena; noho izany, dia mba tiako ny hitondranareo eo aminareo ny anaran'i Kristy. ...

“Ary ny zavatra hitranga dia na zovy na zovy no manao izany, dia ho hita eo an-tanan'ankavanan' Andriamanitra izy, satria hahafantatra ny anarana izay iantsoana azy izy; fa hantsoina amin'ny anaran'i Kristy izy.”

Ireo izay mitondra eo amin'ny tenany ny anaran'i Kristy dia lasa mpianany sy vavolombelony. Mamaky isika ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly fa taorian'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty dia nodidiana ireo vavolombelona voafidy mba hijoro ho vavolombelona fa na iza na iza mino an'i Jesoa sy natao batisa ary nandray ny Fanahy Masina dia hahazo famelan-keloka. Ireo izay nandray an'ireo ôrdônansy masina ireo dia nivory niaraka tamin'ny Fiangonana sy lasa mpanaradia ary nantsoina hoe Kristiana.Ny Bokin'i Môrmôna ihany koa dia mamaritra ny mpino an'i Kristy ho Kristianaary ny vahoakan'ny fanekempihavanana dia “zanak'i Kristy, dia zana-lahy sy zanany vavy”.

Midika inona ny hoe antsoina amin'ny anaran'i Kristy? Midika izany fa manao sy mitandrina fanekempihavanana,mahatsiaro Azy mandrakariva,mitandrina ny didiny,ary “vonona ... ny hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra”.Midika izany hoe miara-mijoro amin'ireo mpaminany sy apôstôly rehefa mitondra ny hafatr'i Kristy, miaraka amin'ny fotopampianarany sy ny fanekempihavanany ary ny ôrdônansiny, manerana izao tontolo izao. Izany koa dia midika hoe manompo ny hafa mba hanamaivanana ny fijalianasy ho fahazavana ary hitondra fanantenana ao amin'i Kristy ho an'ny olon-drehetra. Mazava ho azy fa zava-kendrena mandritra ny androm-piainana izany. Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa “izany dia toerana izay tsy

Étant donné que le chemin du disciple demande du temps et des efforts bâtis « ligne sur ligne, précepte sur précepte », il est facile de se laisser prendre par les titres du monde. Ceux-ci n'ont qu'une valeur temporaire et ne suffiront jamais à eux seuls. La rédemption et les choses de l'éternité ne viennent que « dans et par l'intermédiaire du saint Messie ». Par conséquent, suivre le conseil du prophète de faire de sa vie de disciple une priorité est un choix à la fois opportun et sage, surtout à une époque où tant de voix et d'influences concurrentes s'affrontent. C'est l'essence du message du roi Benjamin, qui a dit : « Je voudrais que vous vous souveniez de toujours retenir le nom [du Christ] écrit dans votre cœur, afin [...] que vous entendiez et connaissiez la voix par laquelle vous serez appelés, et aussi le nom par lequel il vous appellera. »

J'ai vu cela dans ma propre famille. Mon arrière-grand-père, Martin Gassner, a été changé à jamais parce qu'un humble président de branche a répondu à l'appel du Sauveur. En Allemagne, en 1909, les temps étaient durs et l'argent se faisait rare. Martin travaillait comme soudeur dans une usine de fabrication de tuyaux. De son propre aveu, la plupart des jours de paie se terminaient au pub pour boire, fumer et payer des tournées à ses collègues. Sa femme l'a finalement averti que s'il ne changeait pas, elle partirait.

Un jour, un collègue de Martin l'a croisé sur le chemin du pub, une brochure religieuse froissée à la main. Il l'avait trouvée par terre et a expliqué à Martin qu'il avait ressenti quelque chose de spécial après avoir lu la brochure intitulée « Was wissen Sie von den Mormonen ? » qui se traduit par « Que savez-vous des mormons ? ». Le titre a certainement changé depuis.

Une adresse imprimée au dos était juste assez lisible pour déchiffrer l'emplacement de l'église. Elle se trouvait à une distance considérable, mais ils avaient été touchés par ce qu'ils avaient lu et ont décidé de prendre le train ce dimanche-là

todin'ny olona ao anatin'ny indray mipi-maso”.

Satria ny dian'ny maha-mpianatra dia mitaky fotoana sy ezaka miorina amin'ny “andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika”, dia mora ny ho voafandrika ao anatin'ireo anarana fiantso eo amin'izao tontolo izao. Miserana ihany ny lanja entin'izy ireny ary tsy ho ampy na oviana na oviana. Ny fanavotana sy ny zavatra ny mandrakizay dia “tonga amin' ny alàlan'ny Mesia Masina sy ao Aminy” ihany. Noho izany, ny fanarahana ny torohevitra avy amin'ny mpaminany mba hanao laharam-pahamehana ny maha-mpanaradia dia sady tonga ara-potoana no fahendrena, indrindra amin'izao vanim-potoana ahitana feo maro miantso sy fitaoman'olona maro be izao. Izany no ivon'ny torohevitr'i Benjamin Mpanjaka rehefa nilaza izy hoe “mba tiako ny hahatsiarovanareo ny hitana ilay anaran' [i Kristy] ho voasoratra mandrakariva ao am-ponareo, ... mba handrenesanareo sy ny hahalalanareo kosa ny feo izay hiantsoana anareo, ary koa ny anarana izay hiantsoany anareo”.

Efa nahita izany tao amin'ny fianakaviako aho. Niova mandrakizay ny raibeko Martin Gassner satria nisy filohan'ny sampana iray feno fanetren-tena namaly ny antson'ny Mpamonjy. Tany Alemaina tamin'ny 1909, dia sarotra ny fiainana, ary kely dia kely ny vola. Mpaningina tao amina orinasa iray mpamokatra fantsona i Martin. Niaiky manokana izy fa ny ankamaroan'ny andro fandraisany karama dia niafara tamin'ny fisotroana, ny fifohana sigara ary ny fividianana zava-pisotro ho an'ireo namany any amin'ny toeram-pivarontan-toaka. Nampitandrina azy ny vadiny tamin'ny farany fa raha tsy miova izy dia handeha izy.

Indray andro raha teny an-dalana ho any amin'ny toeram-pivarontan-toaka dia nifanena tamin'i Martin ny mpiara-miasa aminy, niaraka tamin'ny bokikely ara-pivavahana rovi-drovitra teny an-tanany. Hitany teny an-dalana izany ary nilaza tamin'i Martin izy fa nahatsapa zavatra niavaka rehefa avy namaky ilay bokikely mitondra ny lohateny hoe Was wissen Sie von den Mormonen?, na Inona no fantatrao momba ireo Môrmôna? Azoko antoka fa efa niova io lohateny io.

Nisy adiresy napetaka teo an-damosiny izay zara fa azo vakiana mba hamantarana ny toerana misy ny fiangonana. Lavitra be ilay toerana nefa nanohina ny fon'izy ireo ny zavatra novakiany, ka nanapa-kevitra ny handeha amin'ny lamasinina

pour en savoir plus. Quand ils sont arrivés, ils ont découvert que l'adresse n'était pas celle de l'église qu'ils s'attendaient à y trouver, mais celle d'une entreprise de pompes funèbres. Martin a hésité, car une église dans un funérarium, cela ressemblait un peu trop à un forfait tout compris.

Mais à l'étage, dans une salle louée, ils ont trouvé un petit groupe de saints. Un homme les a invités à une réunion de témoignage. Martin a été touché par l'Esprit et a été tellement impressionné par les témoignages simples et fervents qu'il a rendu le sien. C'est là, dans cet endroit des plus improbables, qu'il a déclaré qu'il savait déjà que cela devait être vrai.

Plus tard, l'homme s'est présenté comme étant le président de branche et a demandé s'ils reviendraient. Martin a expliqué qu'il vivait trop loin et qu'il n'avait pas les moyens de faire le déplacement chaque semaine. Le président de branche a simplement dit : « Suivez-moi. »

Ils ont marché jusqu'à une usine voisine où travaillait un ami du président de branche. Après une courte conversation, Martin et son ami se sont vu proposer un emploi. Ensuite, le président de branche les a conduits dans un immeuble et a trouvé un logement pour leurs familles.

Tout cela s'est passé en à peine deux heures. La famille de Martin a déménagé la semaine suivante. Six mois plus tard, ils se sont fait baptiser. L'homme autrefois connu comme un ivrogne invétéré est devenu si fervent dans sa nouvelle religion que les gens de la ville ont commencé à l'appeler, peut-être ironiquement, « le prêtre ».

Quant au président de branche, je ne peux pas vous dire son nom, son identité a été perdue avec le temps. Mais je l'appelle un disciple, un ambassadeur, un chrétien, un bon Samaritainet un ami. Son influence rayonne encore cent seize ans plus tard, et je marche dans ses pas de disciple.

Un dicton dit que l'on peut compter le nombre de pépins dans une pomme, mais pas le nombre de pommes dans un pépín. La semence plantée par le président de branche a produit d'innombrables fruits. Il était loin de se dout-

izer izeo ny alahady mba hanadihady. Nony tonga izy ireo dia hitany fa tsy ilay fiangonana noeritretiny no teo amin'ilay adiresy fa trano fikarakarana olona maty. Nisalasala i Martin, satria raha ny marina, dia hafahafa ny mahita fiangonana ao anatin'ny trano fikarakarana olona maty.

Saingy tao amin'ny rihana ambony, tao amina efitrano nofaina iray, dia nahita andiana Olomasina vitsivitsy izy ireo. Nisy lehilahy iray nanasa azy ireo hanatrika fivoriana fijoroana ho vavolombelona. Nahatsapa ny Fanahy i Martin ary tena talanjona izy tamin'ireo fijoroana ho vavolombelona tsotra sy mahery vaika ka dia nizara ny fijoroany ho vavolombelona izy. Ary tao amin'izany toerana izany, izay toerana tsy nampoizina mihitsy no nilazany fa efa fantany sahady fa tsy maintsy marina izany.

Taorian'izay dia nampahafantatra ny tenany ho ny filohan'ny sampana ilay lehilahy ary nanontany raha toa ka hiverina izy ireo. Nohazavain'i Martin fa nipetraka lavitra loatra izy ka tsy manam-bola hanaovana ilay dia isan-kerinandro. Nilaza tsotra fotsiny ny filohan'ny sampana hoe: "Araho aho."

Nandeha an-tongotra tsy dia lavitra izy ireo nankany amina orinasa iray izay iasan'ny naman'ilay filohan'ny sampana. Taorian'ny resaka fohy, dia samy notolorana asa i Martin sy ny namany. Avy eo dia nentin'ilay filohan'ny sampana tany amina trano maro rihana iray izy ireo ka nomeny trano ho an'ny fianakavian'izy ireo.

Tao anatin'ny adiny roa no nitrangan'izany rehetra izany. Nifindra monina ny fianakavian'i Martin ny herinandro nanaraka. Natao batisa izy ireo enim-bolana tatỳ aoriana. Ilay lehilahy izay fantatra tamin'ny hoe mamo lava dia lasa nafana fo tamin'ny finoany vaovao hany ka ny olona tao an-tanàna dia nanomboka niantso azy, tsy tam-pitiavana firy hoe "mpisorona".

Raha ny amin'ilay filohan'ny sampana dia tsy afaka milaza aminareo ny anarany aho—tsy fantatra intsony ny momba azy satria efa ela dia ela no nitrangan'izany. Saingy mpianatra, iraka, Kristiana, Samaritana tsara fanahy, ary sakaiza no iantsoako Azy. Mbola tsapa hatrany ny fitaomany 116 taona aty aoriana, ary mbola misitraka ny ezaka nataony amin'ny maha mpianatra azy aho.

Misy oha-pitenenana iray milaza fa afaka manisa ireo voa ao anatin'ny paoma iray ianao saingy tsy afaka hanisa ireo paoma izay vokarin'ny voa anankiray. Namoa voa tsy tambo isaina ny voa nambolen'ilay filohan'ny sampana. Tsy ho

er que, quarante-huit ans plus tard, plusieurs générations de la famille de Martin, des deux côtés du voile, seraient scellées dans le temple de Berne, en Suisse.

Les plus grands sermons sont peut-être ceux que nous n'entendons jamais, mais que nous voyons dans les actions discrètes et modestes observées dans la vie de personnes ordinaires qui, essayant d'être comme Jésus, vont de lieu en lieu faisant du bien. Ce que ce président de branche bienveillant a fait ne faisait pas partie d'une liste de choses à faire. Il vivait simplement l'Évangile de la manière décrite dans le livre d'Alma : « Ils ne renvoyaient aucun de ceux [...] qui avaient faim, ou qui avaient soif, ou qui étaient malades, [...] ils étaient généreux envers tous, jeunes et vieux [...] hommes et femmes. » Et, un point que nous ne devons pas négliger est qu'ils n'ont renvoyé personne, « qu'ils fussent hors de l'Église ou dans l'Église ».

Ceux qui prennent sur eux le nom du Christ reconnaissent que, comme Joseph Smith l'a dit : « Un homme rempli de l'amour divin ne se contente pas d'être une bénédiction pour sa famille, mais il parcourt le monde entier, cherchant à être une bénédiction pour tout le genre humain. »

C'est ainsi que Jésus a vécu. En fait, il a tant fait que ses disciples ne pouvaient pas tout écrire. L'apôtre Jean a écrit : « Jésus a fait encore beaucoup d'autres choses ; si on les écrivait en détail, je ne pense pas que le monde même puisse contenir les livres qu'on écrirait. »

Efforçons-nous de suivre l'exemple du Christ, de faire le bien et de faire de notre vie de disciple une priorité constante, afin que chacune de nos interactions avec les autres leur fasse ressentir l'amour de Dieu et le pouvoir du Saint-Esprit qui confirme. Nous pourrions alors nous joindre à mon arrière-grand-père et à des millions d'autres qui ont déclaré, comme le disciple André : « Nous avons trouvé le Messie. »

En fin de compte, notre identité n'est pas définie par le monde. Mais notre condition de disciple est définie par les ordonnances que nous recevons, les alliances que nous respectons et

fantany akory tamin'izany fa afaka 48 taona aty aoriana dia nofehezina tao amin'ny Tempolin'i Bern Suisse ny taranaka maromaro avy amin'ny fianakavian'i Martin avy eo amin'ny lafy roan'ny voaly.

Angamba ny toriteny lehibe indrindra dia ireo izay tsy henontsika velively fa ireo izay hitantsika amin'ny fihetsika sy asa natao mangina sy tazana eo amin'ny fiainan'ny olon-tsotra izay miezaka ny hitovy amin'i Jesoa, izay mandendeha manao soa. Ny zavatra nataon'ity filohan'ny sampana feno hatsaram-panahy ity dia tsy tao anatina lisitrana zavatra mila hatao. Niaina fotsiny ny filazantsara araka ny voalaza ao amin'ny bokin'i Almà izy: “tsy mba [noroahany] ... izay noana, na izay nangetaheta, na izay marary, ... izy dia nalala-tanana tamin'ny rehetra, na antitra na tanora, ... na lahy na vavy”. Ary, teboka iray tsy tokony hodian-tsy hita ny hoe tsy nandroaka na iza na iza izy ireo “na ivelan' ny fiangonana, na ao anatin' ny fiangonana”.

Ireo izay mitondra eo amin'izy ireo ny anaran'i Kristy dia mahafantatra, araka ny nolazain'i Joseph Smith hoe: “ny lehilahy iray heniky ny fitiavan' Andriamanitra dia tsy mifaly fotsiny amin'ny fitondrana fitahiana ho an'ny fianakaviany irery ihany, fa mitety an'izao tontolo izao, maniry ny hitahy ny zanak'olombelona rehetra”.

Toy izany no fomba niainan'i Jesoa. Raha ny marina dia nanao zavatra tsy tambo isaina Izy ka tsy afaka nanoratra izany rehetra izany ny mpianany. Noraketin'ny Apôstôly Jaona hoe: “Ary misy zavatra maro hafa koa izay nataon'i Jesoa, ka raha voasoratra tsirairay avokoa izany rehetra izany, ataoko fa izao tontolo izao aza dia tsy omby ny boky voasoratra”.

Andeha isika hiezaka ny hanaraka ny ohatra nasehon'i Kristy, hanao soa sy hanao ny maha-mpianatra ho laharam-pahamehana mandritra ny androm-piainana hany ka isaky ny mifandray amin'ny hafa isika dia hahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra sy ny hery manamafy avy amin'ny Fanahy Masina izy ireo. Aorian'izany isika dia afaka ny hiaraka amin'ny raibeko sy amin'ireo olon-kafa an-tapitrisany hafa izay nanambara, toa an'i Andrea mpianatra hoe: “Efa nahita ny Mesia izahay.”

Amin'ny farany, ny maha-izy antsika dia tsy araka ny famaritan'izao tontolo izao. Saingy ny maha-mpanara-dia antsika dia voafaritry amin'ireo ôrdônansy raisintsika, ireo fanekempiha-

l'amour que nous montrons à Dieu et à notre prochain en faisant simplement le bien. Comme l'a enseigné le président Nelson, nous sommes réellement enfants de Dieu, enfants de l'alliance, disciples de Jésus-Christ.

Je témoigne que Jésus-Christ vit et qu'il nous a rachetés. C'est lui qui a dit : « Je t'appelle par ton nom : tu es à moi ! » Au nom de Jésus-Christ. Amen.

vanana izay tandremantsika ary ny fitiavana asehontsika an' Andriamanitra sy ny namana amin'ny alalan'ny fanaovana ny tsara fotsiny. Araka ny nampianarin'ny Filoha Nelson, isika dia tena zanak' Andriamanitra, zanaky ny fanekeh-pihavanana, mpianatr'i Jesoa Kristy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona i Jesoa Kristy ary efa nanavotra antsika Izy. Izy no ilay niteny hoe: "Efa niantso ny anaranao aho ... ahy ianao". Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.